# 365Tantara

## 14. Mahay miato



# 14. Mahay miato

Fiadanana! Ny tantara ho antsika androany dia mitondra ny lohahevitra hoe: Mahay miato Indray andro, nisy reny nody tara avy niasa, vizana sady vinitra. Nahita ny zanany lahy 7 taona izay niandry azy teo am-baravarana.  Hoy ilay zanany lahy hoe: -
- Neny â, afaka mametraka fanontaniana aminao ve izaho?

- Eny, mazava ho azy, hoy izy namaly.

- Neny â, Ohatrinona no azonao rehefa miasa adin' iray?

Tezitra ilay vehivavy ka namaly tamin'ny fahasorenana.

- Tsy raharahanao izany! Nahoana ianao no mametraka izany fanontaniana adala izany? - Neny â, aza tezitra ianao, tiako ho fantatra fotsiny azafady, lazao amiko hoe ohatrinona no azonao rehefa miasa adin' iray ?- Tianao ho fantatra?, hoy ny navaliny an-kasiahana, 15 euros! - Eny ary! Misaotra Neny â!



Nanondrika ny lohany ilay zazalahy kely ary nanontany moramora sady nangovitra kely.

- Neny â, azafady, afaka omenao 15 euros ve izaho?

Tena tezitra ilay reny, ka niteny mafy hoe:

- Izany no antony... ny antony tena nametrahanao ahy izany fanontaniana izany mba hangatahana vola amiko hividianana kilalao adala na vatomamy izay mamparary ny nifinao?. Miasa mafy aho!, heverinao angaha fa mba hahafahanao mandeha mandanilany foana an-kadalàna ny volako!, hoy izy nitabataba.


Tsy azonao an-tsaina!

Na manao ahoana na manao ahoana, tsy misy na inona na inona azonao an-tsaina!.

Nanondrika ny lohany ilay zazalahy kely ary niditra tany amin'ny efitranony.



Nakatony moramora ny varavarana. “Reraka noho ny asa nandritry ny andro lehibe i Neny, hoy izy tao an-tsainy. Azo antoka fa nanambara zavatra mahatsiravina taminy indray ny lehibeny, ry Neny mahantra”. Nipetraka ilay vehivavy. Nandroatry ny hatezerana mafy izy. - Mampitombo ny zanako lahy kely. Izy ireo tsy mahalala voky mihitsy, omena azy ireo ny rantsan-tànana ny sandry no tadiaviny. Tsy azony an-tsaina ny sarany izay aloako mba hahazoan 'i rangahy manana izay zavatra ilainy. Fa inona no ampianarina azy any an-tsekoly? Tokony hiresaka izany amin'ny mpampianatra azy aho. Tokony manao fandinihana momba : “ny fitiavam-bola izay fototry ny ratsy rehetra”. Rehefa afaka sahabo ho adin'iray teo dia nitony ilay vehivavy. Nanontany tena izy raha nety nila nividy zavatra ho an' ny sekoly ny zanany lahy. Izy tokoa tsy dia mangataka vola matetika amiko.Nizotra tany amin'ny efitr’ilay zazalahy kely izy ary nosokafany ny varavarana.




- Matory angaha ianao ? - Tsia, Neny â. - Nieritreritra aho hoe... masiaka angamba aho teo, hoy ilay vehivavy. Tena ratsy be ny androko androany ary sosotra tamin'ny tsy antony aho. Inty ilay 15 euros nangatahinao tamiko. Ampiasao amin'izay itiavanao azy. Niarina ilay zazalahy kely sady nitsiky ary nihiaka hoe: - faly loatra aho! Misaotra Neny â!  Dia avy eo teo am-panaingana ny ondany, namoaka vola madinika izy. Hitan'ilay vehivavy fa efa nanambola ilay zazalahy dia tezitra indray izy.

- Nahoana no nila vola ianao nefa mbola nanana, hoy izy nimenomenona, manery ny nify, mba hitazomana ny hatezerany. Nanisa moramora ny volany ilay zazalahy kely avy eo nanandratra ny masony tany amin'ny reniny.

- Satria tsy ampy ny nananako teo fa ankehitriny, efa manana ny ampy aho!

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Jean-Patrick Fléchier. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



- Manana 15 euros aho, ampiana ilay 15 euros nomenao ahy, izay manome 30 euros. Noho izany afaka mangataka adin'ny roa amin'ny fotoananao. Maniry ny hisakafo hariva miaraka aminao aho rahampitso, mila adin'ny roa raha kely indrindra mba hitantarako aminao izay tiako hotantaraina.Torotoron' ny alahelo ny fon' ilay reny. Nofihininy ny zanany lahy kely mandrapa-hasempotra azy ary nitalahony mba hamela heloka azy. Ry ray aman-dreny, tsarovy, fa mandalo ny fotoana, indray andro dia ho tara loatra, ny zanakareo dia hihalehibe ary izany alahelo ny amin' ny tsy mba nandaniana fotoana mihitsy niaraka amin' ny neniny na ny dadany izany dia hijanona ao anatin'ny fony ary hiteraka fahabangana lalina. Ary, indray andro rehefa lehibe ny zanakareo, dia hanenina ianareo mandritry ny fiainana manontolo raha tsy mba nandany mihitsy adin' iray niaraka taminy.Ny fitiavana dia mihoatra noho ny volamena sy ny volafotsy. Tsarovy fa rahampitso dia ho tara loatra !



Tsy azo amidy. Nanisy sary i Jean-Patrick Fléchier. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa